


**EN TENUE CIVILE, LE PREMIER MINISTRE NTSAY CHRISTIAN**




## Madagasikara bois de rose. Tsy mety miala ao Antongil ilay sambo *«Flying»*

**************************

## COMMUNIQUE

19 décembre 2018

Primature
Fiadidian'ny Praiminisitra

**Palais de Mahazoarivo, le 19 décembre 2018 –** Dans le cadre de l'opération de surveillance côtière et de la sécurité de la navigation et régulation du trafic maritime, le Premier ministre, Chef du gouvernement a tenu une conférence de presse cet après-midi afin de rendre compte à la population sur les circonstances relatives à l'arrestation du navire «Flying» dans le côte Est de Madagascar.

Sillonné depuis quelques mois aux alentours de la côte Est de Madagascar et pris en chasse par l'autorité Malagasy, ce pavillon est soupçonné de s'être livré au trafic de bois précieux.

Le Premier ministre a félicité l'effort et la prise de responsabilité des différentes entités confondues qui ont contribué au succès de l'opération. Le Premier ministre a avancé que cet exemplaire prise de responsabilité est un des cas exceptionnels qui figurent dans l'histoire de la Nation.

Le Ministre de la défense nationale, d'affirmer qu'initialement, ce pavillon a été connu sous le nom de «Min Feng» et s'est déjà livré au trafic de bois de rose depuis le mois de janvier 2015 et actuellement, porte le nom de « Flying ».

Une opération de remorquage vers le port de Toamasina est actuellement en cours dans le dessein de procéder aux enquêtes minutieuses.

**La Direction de la Communication**

## FANAMBARANA

19 Desambra 2018

Primature
Fiadidian'ny Praiminisitra

Ao anatin'ny hetsika fiarovanana ny sisin-tany, ny fitaterana an-dranomasina, sy ny fandrindrana ny fivezivezena an-dranomasina dia nanatanteraka valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety ny Praiminisitra, Lehiben'ny governemanta, androany, hampahafantarana ny vahoaka ny toe-java-misy mikasika ny fisamborana ny sambo « Flying » tany amin'ny faritra Atsinanan'i Madagasikara.

Efa am-bolana maromaro no nihaodihaody tamin'ny ilany Atsinanan'ny Nosy izy io, ary ahiana ho mpanondrana an-tsokosoko hazo sarobidy, ka izay no anton'izao fandraisana andraikitry ny fitondram-panjakana izao.

Nankasitraka ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny nahafahana nahatontosa izao hetsika izao ny Praiminisitra. Nambarany araka izany fa tsy dia nisy firy tamin'ny tantaran'ny firenena ny fahasahiana mandray andraikitra tahaka izao ka izay no iderany manokana izay rehetra nandray anjara tamin'ny asa fanenjehana sy fisamborana io sambo io.

Nanamarika ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena fa tany am-boalohany dia nitondra ny anarana "Min Feng" io sambo io ary efa voatonontonona tamin'ny resaka fanondranana andramena ny volana janoary 2015, no izao niova ho "Flying" izao.

Mba hahafahana manatanteraka ireo dingana harahina mahakasika ny heloka an-dranomasina dia efa notarihina miditra eny amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina izy io.

**Ny Serasera**